

Fihetsiky ny zandary sasany 7
Manala baraka ny anaran'ny kolonely Ratsimandrava

Hetsiky ny vondron'ny kandidà 11 2
Tonga hanatevina ny tolona ny kandidà Brunelle



Alakamisy 5 oktobra 2023

Laharana 1480

Vidiny : 600 Ar

Vondron'ireo kandidà 11 2

Hitohy anio ny hetsika depiote eo amin'ny 13 mey sabotsy



Fandikan-dalàna sy fanamparam-pahefana 2

Nitombo 24 ora indray ny fitazonana an'i Rina eny Fiadanana



KMMR Atsimo Andrefana 3

Manohana tsy misy fepetra ny
hetsiky ny vondron'ny kandidà 11

Tarazon'ny fitondrana 3
Rajoelina

Tsy ho zaka intsony ny fijaliana
navelan'izay 5 taona izay

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Hetsika an-dalambe 6

Mandika lalàna ny zandary mimenomenona ny polisy sy miaramila



Mitaraina ny mponina any Mangily 5

Fefen'ny mpanambola ny moron-dranomasina an'ny be sy ny maro



Cosfa Miaramila sy Ftm Manjakaray 6

Hiatrika ny famaranana « Rugby
XXL Energy Top 20,2023 »

Daka kely

HCC sy CENI ary governemanta mpilaiso
fahefana no 3 ivavahan'ialahy ry Boaikely a !

VONDRON'IREO KANDIDÀ 11

Hitohy anio ny hetsika, depiote eo amin'ny 13 mey sabotsy

Niato aloha ny fidinana an-dalambe, ho eny amin'ny kianjan'ny 13 mey nataon'ny vondron'ireo kandidà 11 omaly, nihaona tamin'ireo hery velona samy hafa eto amin'ny firenena izy ireo tamin'izany, nandamina ny paikady ihany koa izy ireo amin'ny itakiana ny hanaovana fididianana madio, mangaraharaha eken'ny rehetra eto amin'ny firenena, ary ny firenena Malagasy dia tsy tokony hoenti-bazaha. Teny amin'ny Le Hintsy Ambohimambola no nihaona tamin'ireo mpanao politika, sokajin'olona sy fikambanana samihafa ny vondron'ny kandidà 11. Nanambara ny kandidà Roland Ratsiraka fa hitohy anio ny hetsika am-pilaminana, ary hitondra choux fleur izy ireo amin'izany, satria afak'omaly, olona avy nividy chouxfleur no nolazain'ireo zandary fa nitondra baomba. Ny kandidà Hajo Andrianainariveloxa kosa nilaza fa: "manara ny fangatahan'ny ray aman-dreny am-panahy ao amin'ny FFKM aloha isika, ka hihaona amin'ny hery velona rehetra aloha androany, hanamasina ny fitakiana izay atao am-pilaminana hatrany. Ny fididianana madio, ny fiveren'an'ny fanajana ny laiana ary ny fandrianam-pirenena no tanjona, ka raha tanteraka tsy iliana fidinana an-dalambe izany dia arahaba soa. **Ny faniranana dia hiroso amin'izany fididianana madio izany haingana, fa maika ny fanavotana ny toe-karena sy ny firenena.**" Nidinika sy nifanatona tamin'ny ankolafin-kery hafa koa ny FFKM omaly. Ny teto an-drenivohitra no niato ny hetsika omaly, fa hitarina any amin'ny faritra koa izao hetsiky ny vondron'ny kandidà izao.

FFKM

Ankoatra izany, nanao fanambarana ny FFKM afak'omaly maraina, mialoha ny nandraisany ny vondron'ny kandidà ny tolakandro. Ny FFKM dia miantso ny rehetra ho tony, sy ampitsahatra ny fifampihantsiana sy ny heriseta. Nanao antso ireo Filoham-piangonana 4 mivondrona eo anivon'ny FFKM, manoloana ny zavamisy ankehitriny eto amin'ny Firenena, izay miseho



amin'ny savorovoro sy fifampihantsiana, izay atahorana hatramin'ny famoizana aina sy faharavana fana-nana mihitsy, raha ny nambaran'izy ireo. Ny FFKM, hoy ny fanambarana, dia miantso hatrany ny hisian'ny fifampiresahana, toy ny efa natao tamin'ireo ankolafinkery samihafa, hametrahana amin'ny laoniny ny filaminana sy hitadiavana vaha-olana, hivoahana amin'izao zava-misy eto amin'ny Firenena izao. Manaitra ny sain'ny rehetra ny Filoham-piangonana, amin'ny fametrahana lova tsara ho an'ny taranaka, izay fampandrosoana mitoetra eo ambonin'ny filaminana. Mangataka ny ampitsaharana ny fifampihantsiana sy fifandranitana izay mety hiteraka fifandonana ny FFKM, ary manamafy ny hisian'ny fahalalahana haneho hevitra ampilaminana. Namarana ny antso ny Filoham-piangonana, ny hanohizana ny fihaonana amin'ireo kandidà 13, ary tsy nadino ny nankahery ireo naratra tamin'ny savorovoro nisy, ary manentana ny vahoaka hitondra am-bavaka hatrany ho an'ny Firenena, ary hijoro mandrakariva amin'ny fahamarinana. Fantatra ihany koa izao, fa nanao fangatahana teny amin'ny Prefet, hanao tatitra eo amin'ny kianjan'ny 13 mey ny sabotsy izao ny fivondronan'ireo depiote avy amin'ny mpanohitira.

Isambilo

Fandikan-dalàna sy fanamparam-pahefana

Nitombo 24 ora indray ny fitazonana an'i Rina eny Fiadanana



Ny mpisolovava an'i Rina, Me Eloi.

Mitohy ihany ny fandikan-dalàna sy fanamparam-pahefana, ataon'ny fitondra mitondra amin'izao fotoana dia ny governemanta iaraha-mitantana, tarihan'ny Praiministra Ntsay Christian. Nitombo 24 ora indray ny fitazonana an'i Rina Randriamasinoro, sekretera jeneralin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM) eny amin'ny zandary eny Fiadanana, nefas tsy misy ny zavatra tokony hanenje-hana azy, mahakasika ny hetsika an-dalambe tarihan'ny vondron'ireo kan-

didà 11. Fandikan-dalàna sy Fanaparam-pahefana izany mbola fitazonana an'i Rina izany hoy ny depiote avy amin'ny mpanohitira, nanamafy izany koa ny birao politikan'ny antoko. Nanambara ihany koa ny mpisolovava azy, Me Eloi Ratefimahefamijoro fa: "nohalavaina 24 ora ny fitazonana azy ao

Stefo

Hetsiky ny vondron'ny kandidà 11

Tonga hanatevina ny tolona ny kandidà Brunelle Razafitsiandraofo



Ny kandidà Brunelle Razafitsiandraofo.

Tonga hanatevina ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 11 koa, ny kandidà Brunelle Razafitsiandraofo, fa tsy araky ny nambaran'ny sasany fa nialangalanana ny tenany. Namonjy lanonana tany Ikongo fritra Fitovinany efa fanao isan-taona, ary efa voafaritra mialoha ny datin'izany izy. Araka ny vaovao azo dia efa miakatra aty Antananarivo izy izao. Nanamafy izy fa mivondrona hatrany amin'ny "collectif des candidats", fa mbola namonjy ny lanonana efa tao anaty fandaharam-potoana efa ela.

Soriba andiany faha "4" dia niara-nanaiky ireo kandidà 10 namany fa honema fotoana fohy izy hanatrehany ilay fety tany an-tanindrazany ka ny alarobia 27 Septembre 2023 teo izy no niala taty Antananarivo nidina any Ikongo, efa taferan'ny fotoana nidinany tany no nanombohan'ireo kandidà filoham-pirenena namany nanao ny fidinana andalambe. Midika izany fa nomen'ireo kandidà namany lalana no nandahanany namonjy Festival Soriba tany Ikongo, fa tsy fahatahorana hiatrika za-vatra sanatria. Namafisiny koa fa: "fady ny Hovalahy Antagnala izany mitsoaka an'ady izany rehetra voafatotra ny Sadika na dia hisy ino na hisy inona." Ny Tarigetrany dia ny hoe: "hiaro ny Tany." Ka vonona hatramin'ny farany izy amin'ny firotsahana andalambe miaraka amin'ny vahoaka malagasy rehetra, mitaky ny fahamarinana eto amin'ny taniny. Ary manakahery ny rehetra koa amin'ny tolona iraisana hitakiana ny marina sy ny rariny eto amin'ny Firenena.

Niaina

Ny Valosoa sy fakafaka

Andry Rajoelina sy ny forongony
Miezaka manataneraka
ny nofinofin'ny mpanjanatany
frantsay eto

Miezaka manataneraka ny nofinofin'ny mpanjanatany frantsay, momba an'i Madagasikara amin'izao fotoana izao, ry Andry Rajoelina sy ny TGV ary ireo miara-dia sy manohana azy. Nofinofy sy fikasana hihazona an'i Madagasikara ho zanatany handrity ny 300 taona. Efa nanomboka tapaka sy nifarana io tao anatin'ny taona maro taorian'ny fahaleovantena ary indrindra ny tamin'ny taona 1972, saingy nofohazin'i Andry Rajoelina sy ireo forongony ireo. Ny taona nazoany ny fizakana ny zom-pirenena frantsay, ka nahavazaha azy ny taona 2014 sy ny niakarany teo amin'ny fitondrana ny taona 2018 no tena nitohizan'izay politika maloton'ny mpanao politika frantsay izay. Mety tsara amin'ireto farany ity saribakoliny na babakotony ity ary azony ampiasaina tsara amin'izay ilany azy. Eo aloha ny fiarovana ny tombontsoa frantsay efa mamahatra eto nandrity ny taona maro izay, ka manararaotra hatrany ny harena atao tantly afa-drakotra eto amin'ity firenena ity. Ankoatra ny fangoranan-karena mihoa-pampana azony eto, ny tsy famotsorana mihitsy sy ny fanagiazana hatrany ireo Nosy manodidina « îles éparses » an'ny Malagasy, ary Rajoelina tsy afaka velively hitaky malalaka amin'ny Frantsay sy hamerina azy ireo satria olony ; ary indrindra ny fampiharana ilay politika maloton'ny mpanjanatany frantsay tamin'ny fotoan'andro, ilay « zarazarao hanjakana », satria ny teny nataony na tamin'ny alahady na ny talata, dia miara na ao ambadiky ny ambarany fampisaraham-bazana na fampiadiana ny samy Malagasy.

Ny fifotoran'i Andry Rajoelina izay mikasa hatrany hiverina eo amin'ny fitondrana sy ny fisainan'ireo mpiara-dia aminy rehetra, dia mamoha midanadana ny fiverenana sy ny fitohizan'ny vanim-potoanan'ny fanjanahantany vaovao indray. Resabe famitaham-bahoaka sy fampandriana adrisa fotsiny no atao'ny izy ireo eto amin'ity firenena ity sisa, mba hanampe-na-maso ny vahoaka sy hakana ny fony. Ny ambadik'izay lazainy anefa tena poizina mifono sy zava-doza hoan'ity firenena ity sy ny taranaka fara aman-dimby. Laraha-mahita anie, fa nanao asa vaventy teto ny mpanjanatany toy ny tonelina, ohatra, sns... Ireny anefa natao ahafahany manageja ny Malagasy sy mangorona ny harembe teto nandrity ny taona maro. Ny fitondran-dRajoelina teo aloha ihany koa milaza nanao asa kanefa tsy miela amin'izay ambadika politika frantsay izay ihany izany. Tsy misy vahoaka azony fitahina sy laingana intsony eto, fa ireo manaiky atao fitaovana sy mpsolelaka mpila ranondranony sisa no manara-dia azy eo amin'izao fotoana izao. Tsy azo ekena velively ny hamerenana ny politika maloto frantsay izay ataon'ny saribakolim-bazaha mpivaratra sy mpamadika tanindrazana eto amin'ity firenena nolovaina tam'in'ny razana ity.

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Murielle A.

Ny Valosoa sy hadihady

Hetsika misy : manohitra ny tsy rariny Tsy manaiky ny mbola hitondran'ny vazaha, sy mizana tsindrin'ila

Miezaka mampiseho fa mbola eo am-pelatana nan'ireo milaza ho mpitondra ny hery amin'izao fotoana izao, ka manome baiko ireo manana fitaovam-piadiana hamoritra ny olompirenenia, tia Tanindrazana sy tsy manaiky ny mbola hitondran'ny vazaha, izay sahy manohitra ny tsy rariny sy ny fanaovana mizana tsindrin'ila. Niaraha nahita ny talata lasa teo fa nitohy ny hetsika notarihan'ny vondron'ny kandida izay noravan'ny herim-pamoretana, tamin'ny alàlan'ny fitifirana tamin'ny baomba mandatsa-dranomaso teny Anosy. Araka ny hita sy iainana maneran-tany ny fitandroana ny filaminiana an-tanàn-dehibe dia andraikiry ny polisy ary ny misahana izany eny ambanivohitra dia ny zandary, ka izay no anton'ny tsy andraisan'ny polisy anjara amin'ny fanarahana-dia ny dahalo avy nangalatr'omby. Mazava ho azy koa fa ny andraikiry ny tafika dia ny fiorvana ny fiandrianam-pirenena, ka manosika izay mitady hanafika ny firenena. Raha manao jery todika ny toe-draharaha niainana teto amin'ity Firenena ity dia tsy nifanitsaka andraikitra mihitsy ireo, satria taty aoriana vao nisy ny Minisiteran'ny Filaminam-bahoaka sy Sekreteram-panjakana miandraikitra ny Zandarma-riam-pirenena, fa tao anivon'ny Minisiteran'ny Foloalindahy ireo rehetra ireo. Tato anatin'ny efatra ambinifolo taona dia azo lazaina fa tena manjakazaka mihitsy ny zandarimaria. Tamin'ny fanjanahan-tany dia ny "gardes indigènes" no namoritra ny Malagasy ary nisy ireo gasy niray tsikombakomba tam'ny ireo, ka nanao tondro molotra izay noheveriny fa nanohitra ny mpanjanaka. Iaraha mahatadidy ny hetsi-bahoaka nifandimby teto amin'ny Firenena, fa ny polism-pirenena hatrany no nisahana ny fandriampahalemana an-tanàn-dehibe. Nandritra ny Repoblika I dia nisy "corps" roa ny teo anivon'ny Polisimpirenena dia ny « FRS » (Force Républicaine de Sécurité), izay raha ny marina dia nentina niaro ny mpitondra, ny faharoa dia nisahana ny fifamoivoizana sy ny fisamborana. Ny taona 1972 dia ny FRS no nampihorohoro ny Malagasy teo amin'ny fanenjehana ny mpanao fihetsiketsehana nanohitra ny fitondrana sy ny fanjanahana tamin'ny endriny vaovao. Ny 13 Mey 1972 dia nitifitra nanipy "grenade offensive" sy baomba mandatsa-dranomaso tamin'ny mpianatra nanao fitokonana teo alohan'ny "Hôtel de Ville" ny "FRS", ka nisy ny maty sy ny naratra mafy. Rano indray mitete nampitobaka ny tao anaty vera izany, nitera ny firodanan'ny Repoblika I. Mbola sampana iray tao amin'ny polisy, ny "GMP" (Groupe Mobile de la Police) no nitifitra ny Filoham-panjakana, ny Kolo-

nely Ratsimandrava Richard, ny 11 Febrero 1975, nanoloran'ny Jeneraly Ramanantsoa Gabriel name tra-pialàna noho ny antony tsy mbola mazava hatramin'izao. Tsy nandray anjara tamin'ny fandatsahandrà ireto vondron-kery eto amin'ny Firenena ireto ny 10 Aogositra 1991, fa ny "RESEP" ('Régiment de la Sécurité Présidentielle) no nahazo baiko avy amin'ny filohan'ny Repoblika II. Niteraka ny firodanan'ny Repoblika Demokratikan'i Madagasikara ny rà latsaka tamin'io andro io. Voka-pifidianana navoakan'ny Fit sarana Avo momba ny Lalàmpanorenana no niteraka krizi teto Madagasikara ny taona 2002 ary nahatonga ny fikasan'ny fitondrani Amiral Ratsiraka Didier nanao fairano ny Faritan Antananarivo. Ny fanonganam-panjakana ny taona 2009 no tena nampisongadina ny habibian'ireo "mpiaro ny vahoaka sy ny fananany", satria nozarazaraina ho sampana roa izy ireo: teo anivon'ny zandarimariam-pirenena dia nisy ny vondron'ny FIGN (Force d'Intervention de la Gendarmerie Nationale), ka ny fisamborana sy fandatsahan-dràn'ireo Mpitondra Fivavahana mpikambana tao amin'ny HMF (Hetsiky ny Mpitondra Fivavahana) izay nanohitra ny fanonganam-panjakana, nanao hetsika teny amin'ny Mausolée. Nisy koa ny sampana iray teo anivon'ny Polisim-pirenena dia ny FIS (Force d'Intervention Spéciale). Tsy nitifitra mihitsy ny GP (Garde Présidentielle) tao Ambohitsorohitra rehefa nanani-dapa ny mpanao fihetsiketsehana ny 7 Febrero 2009, fa ny zandary sy ny tafika avy ao amin'ny Capsat no nanao tifitra vary raraka. Fanetren-tena avy amin'ny Filoha Ravalomanana Marc, no nandehanany nanao sesintany ny tenany. Amin'izao fotoana izao dia sakanana sy ravàn'ireo "herim-pamoretana", indrindra ny zandary, ny hetsika fitakiana ny fampiharana ny lalàna sy ny fitovian-jo ary ny tsy fanekena ny vazaha ho anisan'ny kandidà ho fidiana filoham-pirenena. Masina ny rà latsaka, masina ny Tanindrazana ka na inona na inona vava tsy ambina ataon'i Andry Nirina Rajoelina sy ireo IRMAR (Isika Rehetra Miaraka Adala amin-dRajoelina) dia ho lanin'ny kankana toa an'i Heroda mpanjaka namono ny zaza rehetra latsaky ny roa taona ka nikatsahana ny namonoana ny Mpamony teraka telo ambiropolo sy roa arivo taona lasa izay. Nihosondrà ny tangan-dRajoelina ny taona 2009, mandatsa drà Malagasy indray ity vazaha ity efatra ambinifolo taona aty aoriana kanefa tokony ho tadihy fa "ny tody tsy misy fa ny atao no miverina".

Andry Tsiavalona

facebook

NY VALOSOA
Gazety misioha istelo Isao-kirinadre
Tohoto + Alakamisy + Iefoty

Tarazon'ny fitondrana Rajoelina
Tsy ho zaka intsony ny fijaliana
navelan'izay 5 taona izay



Malagasy Mijoro : ZAKANAO NGA RAHA MBOLA AMPIANA 5 TAONA HIVERENAN'ILAY VAZAH INDRAY, NY FAHORIANA NIAINANA TAMIN'ITY FITONDRA ITY 2018-2023: delesatazy lavareny, tsy fisian-drano, vidin-javatra nidangana, vidin'ny lava nila nijotsa, fanadinam-panjakana tsy nandeha tamin'ny laoniny, karamana sokajin'olona maro samihafa tsy voaloa,...

Marie Anne Erica : aok'izay hoy Jesoa t@mpanarato.

M'chellah Winny : lay sosialim-bahoaka mihintsy no tsy hitany ny vahaolana.

Adji Lane : hiova zao ny fitondrana dia mbola ohatran'izay ihany no hisy. Satry nareo mitsy hitondra !

Tanjona Joshua : ary reto mpanao politika mandeha anii aminy vazaha mampibaby trosa ny gasy hono Kaa, saaa mpmatsy anareo Kay.

Niarantsoa Andriana : mbola mety amin'ny sasany zao fijaliana zao ngamba.

Florent Tsarony : mora ka tantaraina, fa tena faraidiny ny gasy.

Dadan Fanja : vavankisoa misy sira io asakasak'izay mbola hiditra.

Henika Rabe : asakasak'izay mbola mitady fahasahiranana bebe kokoa noho izao, raha mbola ry Rajoelina sy ny forongony ihany no sanatria tafaverina eo.

Älphä Säriyázö Míráy : ampy zay.

Sedium Randriambololona : asaivo mibata ny bidon-nao lay vazaha Cedric zany ko!

Razoky Razoky : ampy zay.

Esiomoyz Randri : efa niaina ady mafy tsika vahoaka aza adino fa mafy ny ady vao vita ny 5 taona koa mahaiza re mifidy eee. aza sodoka ny anio fa jereo n lavitra.

Jonah Rakotondrasoa : tohano koa ny kandidà 11 satria mila hovana aloha ny HCC, ny CENI, ny gouvernement mitanila io.

Art'Inah Shekinah : ny lasa tsy fanadino saingy ny gasy mora manadino.

Ny Antema Rak : ndrii. Mandiniha @zay ry vahoaka alohan'ny handrotsaka vato a. Tohano koa ny tolon'ny collectif des candidats 11.

Ny Tiana Ofisialy : indrisy ry Fireneko. Izao dia mbola misy mahita fa miadana sy mandroso i Madagasikara.

TONONKALO

FANTARO IZAY KANDIDA IZAY

Iza moa ilay kandidà izay tena hita ho kabaosy,
Ka mampiasa ireo bebaoty mba hiarovana ny saosy ?
Faly ery mirehareha hoe tompondaka, tompondaka,
Kanjo hidinika an-databatra dia efa io tsy mahazaka !

Iza moa ilay kandidà mitoka-monina toa boka ?
Raha ny fihetsiny eto ivelany dia toa tena manodoka.
Kanjo nony injay hatonina, zary mampivalaketraka,
Fa hay miendri-jiolahy mpandroba sy mpihetraketraka !

Iza moa ilay kandidà tsy gasy f'efa frantsay,
Toa faly sy mibitabitaka amin-javatra tsy hay ?
Efa tokony hofeheziny sy hahorony ny entany,
Fa ny manentana eny an-kianja, izay no re fa hoe talentany !

Iza moa ilay kandidà izay tsy mahay mitsara tena
Sy voatonona mihitsy fa hoe tsy ampy fahendrena ?
Efa be no nihomehezana ireo hevitra kimantamantany.
(Ilay manao fanahim-boalavo sy manimba no hany fantany !)

Iza moa ilay kandidà izay tena tsy mahay manisa ?
Disodisokely hatrany , iray laharana amin'ny gisa !
Hadisoa-miverimberina, tena mampanongo tena,
Nefà izay ilay kandidà mba ho filoham-pirenena !



Ny avy amin'ny KMMR Atsimo Andrefana.

hametrahana fifidianana
madio sy mangaraharaha

ary eken'ny rehetra amin' nena ho avy io."
ny fifidianana filohampire-

Stefy

TSIMIMALO (04-10-23)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny hetsiky ny vondron'ireo kandidà 11 ny talata tolakandro teo, niainga tao Ambatonakanga ka hatrany Anosy. Efa nifarana tany Anosy ny hetsika, vao nanapoaka lakrimôzena ny herim-pamoretan'ny fitondrana.



NY TENY FIAINANA

"Ary fantatsika fa tonga ny Zanak'Andriamanitra ka efa nanome antsika ny fahazavan-tsaina, mba ho fantatsika Ilay marina, dia ao amin'i Jesosy Kristy Zanany. Izy no Andriamanitra marina sy fiaianana mandrakizay."

I Jaona 5:20

POULE DES AS LIGUE DES CHAMPIONS - D2 NATIONAL

Natomboka omaly alarobia any Toamasina

Natomboka omaly alarobia 4 oktobra 2023, tao amin'ny kianja « Barikadimy Stadium Toamasina », ny dingana farany na ny « Poule des AS » amin'ny dalao baolina kitra fiadina ny ho tomподакан'i Madagasikara « Ligue des Champions - D2 National 2023 », ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 6 oktobra 2023 ho avy izao. Fandaharan-dalao fenon'ity « Poule des AS » ity : J1 : 04/10/2023-12h30 : Fc Inate Vakinankaratra # Kfca Diana, 15h30 : Fc Jim Androy # 3Fb Alaotra Mangoro. J2 : 06/10/2023-12h30 : Fc Inate Vakinankaratra # Fc Jim Androy, 15h30 : Kfca Diana # 3Fb Alaotra Mangoro. J3 : 08/10/2023-12h30 : # 3Fb Alaotra Mangoro # Fc Inate Vakinankaratra, 15h30 : Kfca Diana # Fc Jim Androy.

Rainilita



Kianja « Barikadimy Stadium Toamasina ».

Judo Championnats du Monde Juniors

I Laura sy Lova no solontena Malagasy



Laura sy Lova 2023.

Tsy afaka hanatrika ny fiaianana Judo « Championnats du Monde Juniors Portugal 2023 », tontosaina nanomboka tam'inny 3 ka hifarana amin'ny 7 oktobra 2023 ho avy izao, ilay judokas Malagsy Razafindrakoto Natacha sokajy -48 kg (médaillée de bronze aux championnats d'Afrique juniors 2022 et médaillée d'or aux jeux des îles 2023), noho ny tsy naha zoany « visa ». Rasoanaivo Razafy Aina Laura -

70 kg (Championne d'Afrique Juniors et seniors, médaille d'Or au 11 ème JIOI), sy Randriana-solo Lova Mahaisoa - 73 kg (Médaille de Bronze au Championnat d'Afrique Juniors 2022 et médailles d'or au 11 ème JIOI), tarihan'ilay « volontaire japonais » Tomokazu Iwahori araka izany, no miatrika an'io fifaninana io ary nanainga tamin'ny alahady lasa teo.

Rainilita

Cosafa Women's Cup Championship 2023

Raikitra nanomboka omaly alarobia any Afrika Atsimo

Raikitra nanomboka omaly alarobia 4 oktobra 2023 atsy Afrika Atsimo, ka tsy hifarana raha tsy amin'ny alahady 15 oktobra 2023 ho avy izao, ny fifaninana baolina kitra vehivavy »

Cosafa Women's Cup Championship » andiany faha-11, ka handraisan'ny Barea vehivavy anjara . Ekipam-pirenena vehivavy miisa 12 no miatrika ny fifaninana-na amin'ny

handimbiasana ny « Copper Queens Zambiana » tompondaka farany, tamin'ny andiany faha-10 natao tamin'ny taona 2022. I Madagasikara sy Eswatini andaniny ary Afrika Atsimo

mo sy Malawi ankilany no nanomboka ny fifaninana tamin'io omaly io ary anio alakamisy 5 oktobra amin'ny 1ora (ora malagasy) kosa dia Angola hifanandrina amin'i Comores ary amin'ny 4 ora (ora malagasy) i Zambie hifandona amin'i Mozambique. Tsy hifarana ny fifanintsam-bondrona raha tsy amin'ny alarobia 11 oktobra ho avy izao. Amin'ny zoma 13 oktobra 2023 kosa, no hanatanteraha na an'ireo lalao ankatoky ny famaranana ary amin'ny alahady 15 oktobra no hanatanteraha na ny lalao famaranana, hialohavan'ny lalao fiadian-toerana faha-3.

Rainilita



Barea vehivavy atsy Afrika Atsimo.

Mitaraina ny mponina any Mangily

Fefen'ny mpanambola ny moron-dranomasina an'ny be sy ny maro

Mitaraina ireo mponina any Mangily kaominina Belalanda distrikan'i Toiliara faharoa faritra Atsimo Andrefana amin'izao fotoana, satria fefen'ny mpanambola ny moron-dranomasina, izay tokony


ho an'ny be sy ny maro, sy azon'ny tokony ho azon'ny be sy ny maro ampiasaina. Araka ny fitrainan'ny mponina any amin'ity faritra be mpizahatany mitsidika ity: "tsy voahaja ny pas géomé-

trique, izanjy hoe ny 25 m miala ny sisin'ny Ranomasina. Voafefy ny mpanambola hatramin'ny Ranomasina, tsy misy afaka andehanana rehefa miakatra ny Ranomasina. Ny Topo sy ny Domaine

ve no namaritra anjam-bany sa ny Kominina no tsy manao ny asany, ka manao izay tiany atao ny tompona Hotel mpanambola."

Aly

Sakafo Ny Valosoa



Henomby sy tsaramaso mena rony indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Hotra fanafana amin'ny aretina maromaro

Hotra, fanafana amin'ny aretina maromaro indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Rehefa mrary vavony, maloiloy mandoa, na ohatran'ny misy rivotra ny kibo, miakatra any amin'ny tenda ny acide gastrique, olana amin'ny vavony sy tsinay. Atao massage na horina moramora eo amin' io teboka manga-manga amin'ny sary io mandritra ny 5 ka hatramin'ny 10 min. Afaka averimberina isaky ny misy fanaintanana. Mety atao daholo na tanana havia na havanana.



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Anosiarivo distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana

Ny tanànan'Anosiarivo distrikan'i Marolambo faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Anosiarivo ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 12 mandrafitra ny distrikan'i Marolambo. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana : mangahazo, katsaka. Ny voankazo : akondro, letchi, manga. Anisan'ny mitoka-monina ao amin'ny distrika koa ity tanàna ity, noho ny faharatiany lanana.



HETSINKA AN-DALAMBE

Mandika lalàna ny zandary, mimenomenona ny polisy sy miaramila

Mano loana ny het-sika an-dalambe nisy tamin'ity heri-nandro ity, noho ny het-sika nataon'ny vondron' ireo kandidà 11, sy noho ny fandikan-dalàna atao'ny ao amin'ny Zandarimariam-pirenena mahakasika izany, mimenomenona ankehitriny ny ao anivon'ny polisim-pirenena sy ny ao anivon'ny tafika Malagasy, momba ny fitarihana ny fitandroana ny filaminana mandrika izany atao'ny EMMO, na ny OMC. Tompon'an-draikitra amin'ny polisy sy ny tafika no nilaza fa mandika ny lalàna misy zandary miseho mitrika ny OMC io. Araka ny lalàna hoy izy ireo, araka ny." Décret n° 84-056 du 8 février 1984 portant création de l'Organisme Mixte de Conception (J.O. n° du , p.), modifié par décret n° 2002-058 du 29 janvier 2002 Article premier - Il est institué au niveau national et à l'échelon des Collectivités décentralisées un organisme mixte de conception et un état-major mixte opérationnel à tous les ni-



Misy raha ao, matoa ny zandary no tena mavitrika amin'ny famoretana.

veaux chargés, dans le cadre des lois et règlements en vigueur, d'assurer la défense de la sécurité publique ainsi que l'ordre public, économique et social. Les organismes mixtes de conception et les états-majors mixtes opérationnels fonctionnent à la demande en fonction de la situation. Ils revêtent un caractère temporaire et ponctuel.

Art. 6 - L'état-major mixte opérationnel exécute les directives et les ordres émanant de l'organisme mixte de conception auquel il rend compte des dispositions prises, du déroulement et des résultats de l'opération.

Art. 8 - La responsabilité des actions et l'animation des états-majors mixtes opérationnels incombe à : * la Police nationale pour les villes pourvues d'un commissariat ; * la Zandarimariam-pirenena dans les campagnes et les villes non pourvues de commissariat de police.

Art 10 : le pouvoir central et les collectivités décentralisées participent aux dépenses de fonctionnement des organismes mixtes de conception et des états-majors mixtes opérationnels, suivant des modalités qui seront définies par un texte particulier."

Arak'izany, ny polisy no

tokony hitarika ny fitandroana ny filaminana amin'ny tanàn-dehibe toa an'Antananarivo, fa tsy ny zandary mihitsy. Ary ny andininy faha-10 ny didim-panjakana io, no araraotin'ny zandary mpitrika sasany hakana vola, ka rehefa azony ny vola dia ny zandary ihany no mahazo ny sasany, fa ny polisy sy ny miaramila dia voailika, satria ambaran'izy ireo fa ny an'ny zandary ihany no azo.

Ho tantara hitohy arak'izany ity olana anatin'y, eo amin'ny zandary andaniny, ny polisy sy ny miaramila ankilany ity.

Ny Valosoa

Madajazzcar 2023

Fanja Andriamanantena ao Andavamamba ny sabotsy izao

Anisan'ny mpikarakara ny hetsika ara-kolontsaina sy ara-javakanto Madajazzcar 2023 ny Alliance Française Antananarivo (AFT) amin'ity taona ity, amin'ny volana oktobra toy izao. Hanao fampisehoana mozika jazz ao amin'ny AFT Andavamamba ny mpakanoko Fanja Andriamanantena ny sabotsy 7 oktobra ho avy izao, hanomboka amin'ny 7 ora hariva. Hanotra azy amin'izany ny jazz club ny AFT: ny

AF Jazz. Ankoatra izany, mbola hisy koa ny fampisehona mozika jazz ankanamanjana, hiarahan'ny AFT amin'ny TotalEnergies Madagasikara, hatao etsy amin'ny tobin-tsolika Total Andohatapenaka ny alarobia 11 oktobra ho avy izao. Fampisehoana maimaimpoana hatao ho an'ny be sy ny maro, hanafana ny fotoana ny AF Jazz, hanomboka amin'ny 2 ora tolakandro.

Aly



Ny mpanakanto Fanja Andriamanantena.

Coupe du monde de rugby 2023

Hanomboka amin'ny sabotsy indray ny andro faha-5

Nifaranatamin'ny alahady 01 oktobra 2023 teo, ny andro faha-4 amin'ny fifanintsanam-bondrona, eo amin'ny fifaninanana rugby fiadiana ny ho tompondaka eran-tany 2023, tontosaina any Frantsa ankehitriny. Ny fihaonan'i Australie sy Portugal ao amin'ny vondrona (C) 34 - 14 ary ny an'ny Afrique de Sud sy Tonga 49 - 18 ao amin'ny vondrona (B) no namarana an'izany tante-raka. Voka-dalao andro faha-3 tontosa tamin'ny sabotsy 30 septambra 2023 teo : Argentine 59 -



Fiadiana ny amboaran'ny tompon-daka eran-tany amin'ny rugby atao any Frantsa.

05 Chili (D), Fidji 17 - 12
Géorgie (C), Ecosse 84 -

Rainilita

00 Roumanie (B).

Taratasin'ny mpamaky

Mba jereo anie ny sary tamin'ny andro voalohany sy ny sary omaly : Ireo zandary misekoseko tamin'ny alatsinainy dia bokobokona be daholo.

Ialàko tsiny aminareo zandary fa raha ny hitako hatramin'izay dia tsy betsaka ny zandary bokonozatra be sahala amin'ireny: mba mpandalao ao amin'ny Toby Ratsimandrava rehefa alatsinainy maraina, mahita anareo mikotrana, mba efa nandendeha tao Ankadilalana, mba mahita anareo mihazakazaka eny an-tanàna eny ihany, mba efa nifanena teny amin'ireny sit-in ireny...fa hafa mihitsy ny bikan'ireny be sekoseko tamin'ny alatsinainy ireny.

Zavatra anankiray koa: nisy namana vitsivitsy tafiditra teny Analakely teny tamin'ny alatsinainy ary mahita sy maheno ny zavatra tenenin'ny sasany taminareo...misy heno ihany koa tamin'ireny fisamborana ny gcd-n'i Pdt Marc Ravalomanana ireny: olona romodromotra sy be teny ratsy no hita sy heno: ny fahalalako ny zandary dia olona misy retenu eny imasom-bahoaka : rehefa samy tafaraka tsy fantattro . Mety hoe miteny mafy, mitrerona, mitretokafa ny manompa toa tsy fahenoko..asa aloha. Ary rehefa manao emmo ka mandalo eny akaiky eny ianao, tsy dia maheno an'ireo manao resabe izany fa mangingina daholo, fa ilay sasany tamin'ny alatsinainy hafa mihitsy.

Ary heno ao anatin'ireny sakoroka ireny fa misy zandary miezaka mi-calmer ny sasany ao anatin'y ao: midika izany fa misy mahita ihany izany hoe misy tsy mety ny ataon'ny sasany.

Maheno an'ilay interview-n'i Kandidà Raobelina iny koa dia tonga saina: mbola teo am-panaovana pourparler tamin'ilay colonel hono r'izareo no nipoaka ny lacrymogène ary na ilay colonel taitra. Iza izany no manome baiko?

Nisy olona nahita hoe nisy andian'olona nitorotoraka teny Antaninarenina teny, fa toa tsy nahitako sary hoe nisy fanenjehana an'ireny na hoe teny no namoaka ilay lacrymogène nefo feno emmo erak'ity Analakely iny, ary toa tsy nampaninona an'ireo mivarotra milaza hoe tsy faly ilay izy..... Ny miaramila sy polisy koa tsy be fihetsiketsehana be sahala amin'ireny andiana zandary tamin'ny alatsinainy ireny...

Farany: Mbola variana tamin'ilay fihetsika omaly koa...efa nilaza ny Kandidà Paraina fa hoe efa mirava, fa dia nipoaka indray ilay lacrymogène. ary sahala amin'ny hoe niandrasana ny fotoana iravan'ny mpianatra mihitsy ilay izy: asa inona no tanjona.

Anjan'ny tsirairay no mieritreritra, na mpitandro filaminana io na olompirenena tsotra: hanaiky fandotoana vé, hanaiky fanitsaktsahana hasina lava izao vé..... Vao maika nampiseho an'ilay fitanilàna tsara ireo omaly: mpikambana tao amin'ny gouVERNEMENT mi-seho ary amin'ny hetsika fanohanana ny kandidà vazaha Andry Rajoelina, ary namory vahoaka kanefa tsy nosakanan'ny mpitandro filaminana.

Ka alaivo sary an-tsaina n'y zavatra hitranga isan'andro raha mbola ireo ihany no ho eo?

Zavatra angatahako aminareo mpanao gazety: aza variana eny amin'ireo kandidà fa ireny manodidina ireny koa tsara asiana maso. Isika rehetra koa tsara mifampilaza an'izay zavatra hita fa hafahafa koa: tonga dia publication atao.

Foutsie Tsotsy
Mpampaneno lakolosy

Cosfa Miaramila sy Ftm Manjakaray

Hiatrika ny famaranana « Rugby XXL Energy Top 20,2023 »

Ny ekipan'ny Cosfa Miaramila sy Ftm Manjakaray, no fantatra avy amin'ny fanapanah-kevitry ny Malagasy Rugby, fa hiatrika ny lalao famaranan'ny fipaninanana rugby « Energy Top 20, 2023 », izay hotontosaina amin'ny alahady 08 oktobra 2023 ho avy izao etsy amin'ny kianja Makis Andohatapenaka, hanomboka amin'ny 3 ora tolakandro, hialohavan'ny lalao fiadian-toerana faha-3, hifanandrinaran'ny 3Fb Fahasalama sy ny Uscar Commu-



Fiaonan'ny Ftm sy Cosfa teny Andohatapenaka.

ne hanomboka amin'ny 1 ora atoandro. Mialohan'ireo fiaonana roa ireo dia mbola hisy lalao roa hafa eo amin'ny fipaninanana fiadiana ny ho tompondakan'ny sokajy Federaly 2 (tohin'ny andro voalo-

Rainilita

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
30/09/2023 hatramin'ny
07/10/2023

- M PHARMACIE (Imm
MAMA Ambalavao Isotry)
034 02 652 55/020 22
665 22/ 032 62 652
55/033 33 652 55

- DE L'AVENUE (Ando-
han-Analakely en bas
BNI) 032 11 207 07/038
20 207 06/038 20 207
07/038 20 207 08

- DE LA CROIX DU SUD
(Antanimena en face im-
primerie NIAG) 020 22
220 59 / 032 05 656 56

- MAHAFALY (Soavima-
soandro près terminus
bus 165 Mahatony) 034
10 937 11

- NAMONTANA (Namont-
ana) 034 23 899 93

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopital Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopital
Lotera Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs
Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40

Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 /
Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118 / 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalana : 22 280 54
2° Ambohitra : 22 309 46
3° Antaniantro : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambihomanarina :
22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 / 22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho
intelo
isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 076 00

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsialvalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanantanahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametra 1480-10-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka,
na antsaina ampahibemaso
raha tsy ahazoana alalana vita
soratanana avy amin'ny
tompony

FIHETSIKY NY ZANDARY SASANY

Manala baraka ny anaran'ny kolonely Ratsimandrava

saky ny tonga ny 11 Fe-
broary dia tsy tapaka
manamarika ny 11 Fe-
broary 1975, vaniandro
namonoana ny Kolonely
Ratsimandrava, ny fiana-
kaviamben'ny Zandarima-
riampirenena, eny Ambo-
hijatovo ambony toerana
nisehoan'ny famonoana
no fanaovana ny fahat-
siarovana.

Tanisaina mandritra ny fi-
fandimbiasam-pitene-
nana ny tantaran'ny Ko-
lonely Richard Ratsiman-
drava , ny zava-bitany, ny
fitiavan-tanindrazana na-
sehony, sns...

Tsy afa-misaraka amin'ny
tantaran'ny Zandarimari-
ampirenena ny tantaran'
ny Kolonely Ratsiman-
drava.

Ny Zandarimaria dia von-
dron'ny mpitandro filami-
nana, izay tsy hita raha
tsy any Frantsa sy aty
amin'ireo zanatany frantsay.
Ho antsika eto Madagasikara,
fony mbola za-
natany frantsay, dia nisy
ny nantsoina hoe "Garde
Indigène", ny asa nosa-
hanin'izany "garde indi-
gène" izany araky ny ana-
rany dia mpitandro filami-
nana natao hamoritra ny
vahoaka voazanaka . Na-

vadika ho "Gendarmerie
Nationale" nony tonga ny
fahaleovantena , ary tao-
rian'ny nandraisany Ko-
mandà Ratsimandrava
Richard ny fibaikoana dia
niovao ho Zandarimaria
Nasionaly ny anaranay ary
taorian'ny taona 1972 dia
niovao ho Zandarimariam-
pirenenena.

Ny Kolonely Ratsiman-
drava no teratany malagasy
voalohany nifehy ny
zandarimaria, manambo-
ninahitra tao amin'ny ta-
fika malagasy izy, no nale-
fa niofana tany Melun
tany Frantsa, niverina avy
any izy no nandray ny fi-
fehezana , kapiteny vao
nakarina komandà izy tam-
in'izany, ny Jeneraly Bo-
quinot, ilay teratany so-
negaly nizaka ny zompire-
nena frantsay sahala amin-
draCedric no komandin'
ny Zandarimaria nosoloiny.
Niavaka ny Kolonely Rat-
simandrava tamin'ny fom-
ba nitantanany ny zanda-
rimaria satria dia nihâtra
ara-bakiteny ny teny fila-
matra manao hoe." Tanin-
drazana sy Lalâna", niasa
tamin-kitsimpo ireo zan-
dary ary lavitra an'izy ireo
ny kolikoly tamin'izany,
voafehy ny halatr'omby



ka na nisy aza tamin'iza-
ny, dia ilay halatr'omby
vokatry ny fanajana ny
fombandrazana, raha ha-
zavaina tsotsotra dia ilay
antsoina hoe "omby mifin-
dra vala", omby vitsy iha-
ny no nangalarina ary tsy
nisy ny famonoan'olona
toy ny ataon'ny dahalo
amin'izao fotoana izao.
Raha teo amin'ny fitanta-
nana ny raharahampire-
nena dia mazava tsy takona
afenina, fa olon'ny fifanakalozan-kevitra ny
Kolonely Ratsimandrava,
nampiavaka azy ny finia-
vany nifampitafa tamin'ny
vahoaka malagasy, ha-
trany amin'ny faritra saro-
dalana indrindra, nahaton-
ga azy natao hoe: "Minis-
try ny Alaolana", nalalaka
ihany koa ny fanehoanke-
vitra fony izy minisity ny

atitany, nofoanany ny si-
vana, ary tsy nisy ny fi-
samborana ireo izay na-
neho hevitra na andal-
lambe na tamin'ny fampa-
halalambaovao.


48 taona taorian'ny naha-
lasanan'ny Kolonely Rat-
simandrava dia mivaona
tanteraka amin'ny nataon'
ity manamboninahitra
tena tia tanindrazana ity,
ny ataon'ny sasantsasany
amin'ireo tompon'andrai-
kitra mifehy ny zandar-
mariampirenena, voahosi-
hosy ny teny filamatra:
"tanindrazana sy lalâna",
satria manome vahana sy
miaro anjambany ny mpand-
ika lalâna tanteraka ary
i Ra-Cedric no tanindra-
zana tompon'ny sasant-
sasany amin'ireo zandary,
ny fanehoankevitra nala-
laka fony faha-Ratsiman-

Ny Valosoa

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

N° 446



Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny
tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valliny Teny Tondro (0445)

Mitsivalana

- Rahavavy
- Ireny
- Vinavina
- Osa – Tany (miv)

Mitsangana

- TV – Ony (miv)
- Rerak(a) – TD (miv)
- Atao – Toy (miv)
- Rivotra
- Sira (miv) – Te (miv)
- Henatra

Mitsivalana

- Ana – Vao
- Vivy
- Iny
- Vinanto
- Atody

TENY MIFANAPAKA N° 446

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

Mitsivalana

- Fanomezana an-tsitrano 2. Tsirin-teny Iharana – Solfa 3. Lalao farany ahitana izay tomponda 4. Mpimasy – Efatra Romana 5. Bibkely – Lio – Tsy sahy intsony 6. Atao milahatra tsara – Kilaometra 7. Tendron'ny fandrefesana - Miarako amin'ny atsy 8. Fotoana – Taova 9. Niasa – Fitsaboana 10. Mari-bola – Natsahatra (miv)

Mitsangana

- Sampana ao amin'ny finoana B. Hazandrano D. Nanatsara ny simba E. Milaza fananana – Karazana mofo (BR) F. Tsy salama – Toerana G. Raharaha ataoao H. Hita eo amin'ny lakroa (miv) – Fiandohan'ny aretila – Marina (miv) I. Aiza – Matoanteny (miv) J. Nisondrotra ambony K. Misokatra (miv) – Tampisaka (miv)

Valiny Teny mifanaraka 0445

Mitsivalana

- Fanorenana 2. Iva – Enina 3. Rina – Toy (miv) 4. Naoty – Foza 5. Ro – Sakay 6. Roa – (S)aina 7. Antitra – SG 8. Niala – Ota 9. Navela 10. Ovay – Monja

Mitsangana

- Fianaranao B. Avia – Ony D. Nanora-tana E. Ato – Ilay F. Re – Vata (miv) G. Ery – Sir(a) H. Nifana – Lo I. Antoka – Nao (miv) J. Na – Za(to) – ST K. Haingana

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaova

Ny KMMR Atsimo Andrefana, manohana ny hetsiky ny vondron'ny kandidà 11.



Ny vondron'ireo kandidà 11 nandeha hihaona tamin'ny FFKM tao Ampandrana ny talata hariva teo.



Ny diabe am-pilaminana nataon'ny vondron'ireo kandidà 11, niaraka tamin'ireo depiote avy eny Ambatonakanga, nankeny Anosy ny talata tolakandro teo.



Ireo tonga nanotrona ny sekretera jeneralin'ny antoko TIM Rina Randriamasinoro, voatazona teny Fiadanana.



Helisoa